JW.ORG™
Azo alaina ao amin'ny www.jw.org/mg ity PDF ity

Mianara Mampiasa Baiboly

Kristianina ny apostoly Paoly ary mpitory nalaza. Inona no nanampy azy ho sahy hiresaka ny zavatra ninoany tamin'ny hafa?

Hoy i Paoly: "Ataovy izay rehetra azonao atao mba hisehoanao eo anatrehan'Andriamanitra ho olona ankasitrahana, dia mpiasa tsy mitsanga-menatra na amin'inona na amin'inona, ary manazava *ny tenin' ny fahamarinana* amin'ny fomba marina tsara." (2 Timoty 2:15) Nampiasa "ny tenin'ny fahamarinana" i Paoly. Afaka mampiasa ny Baiboly koa ianao rehefa miresaka ny zavatra inoanao amin'ny hafa.

Azonareo mianakavy jerena ilay hoe "Valin'ireo Fanontaniana Ara-baiboly", ao amin'ny jw.org. (Jereo ao amin'ilay hoe FAMPIANARAN'NY BAIBOLY > VALIN'IREO FANONTANIANA ARA-BAIBOLY.) Mifidiana fanontaniana hitanareo hoe tena fametraky ny olona, ao amin'ilay fizarana hoe "Vavaka." Vakio ny valin'ilay fanontaniana, ary diniho hoe inona ny andinin-teny ampiasainareo tsirairay mba hamaliana an'izany. Averimbereno ilay izy avy eo, ka mifandimbiasa manao ny anjaran'ilay olona manontany sy ny an'ilay mpitory ary mampiasà Baiboly. Misy faritra boribory hanoratana ny tenin'ireo ankizy ireo, amin'ity pejy ity. Soraty eo amin'ilay voalohany ny fanontaniana mety hapetraky ny olona, ary eo amin'ilay faharoa kosa ny andinin-teny hamalianao azy.



▶ **ANDRAMO IZAO:** Fantaro bebe kokoa ny momba ny apostoly Paoly. Adikao avy ao amin'ny jw.org ilay Karatra Ara-baiboly hoe "Paoly." (Jereo ao amin'ilay hoe FAMPIANARAN'NY BAIBOLY > ANKIZY > KARATRA ARA-BAIBOLY.) Andramo valiana ny fanontaniana eo amin'ilay karatra ary hamarino ao amin'ilay karatra avy eo ny valin-teninao.

www.jw.org © 2013 Watch Tower Bible and Tract Society of Pennsylvania